

**MINISITERAN' NY FAMPANDROSOANA
NY AMBANIVOHITRA SY NY FANAFAVOZANA
NY FIZAKAN-TANY**

Fiompiana sy Fanjonoana an-dranomasina

Noho ny didim-pitondrana laharana faha-660/80 nataon' ny Minisitry ny Fitaterana, ny Famatsiana ary ny Fizahan-tany sy ny Minisitry ny Fampandrosoana ny ambanivohitra sy ny Fanavaozana ny fizakan-tany, tamin' ny 19 febroary 1980, mandritra ny vanim-potoana isokafan' ny fanjonoana amin' ny harato tarihin-tsambo, amin' ny taona 1980, ny isan' ny sambo fanjonoana tsitsika amin' ny harato tarihin-tsambo manana ny fahazoan-dàlana hanjono amin' ny harato tarihin-tsambo ao amin' ny faritra eo anelanelan' ny tendron' Angadoka avy ao Atsimo sy ny cap Saint-Sébastien avy ao Avaratra dia ferana isaky ny sokajiny avy ho toy izao :

- Fanjonoana Malagasy Koweitiana (FAMAKO) : telo (3);
- «les Pêcheries de Nossi-Be (PNB)» : folo (10);
- «Société Malgache de Pêcherie (SOMAPECHE)» : roa (2).

Mandritra ny vanim-potoana isokafan' ny fanjonoana amin' ny harato tarihin-tsambo, amin' ny taona 1980, ny isan' ny sambo fanjonoana tsitsika amin' ny harato, manana ny fahazoan-dàlana hanjono amin' ny harato tarihin-tsambo ao amin' ny helo-dranon' i Narendry dia ferana isaky ny sokajiny avy ho toy izao :

- Fanjonoana Malagasy Koweitiana (FAMAKO) : roa (2);
- «les Pêcheries de Nossi-Be (PNB)» : efatra (4);
- «Société Malgache de Pêcherie (SOMAPECHE)» : roa (2).

Mandritra ny vanim-potoana isokafan' ny fanjonoana amin' ny harato tarihin-tsambo, amin' ny taona 1980, ny isan' ny sambo fanjonoana tsitsika amin' ny harato, manana ny fahazoan-dàlana hanjono amin' ny harato tarihin-tsambo ao amin' ny helo-dranon' i Mahajamba dia ferana isaky ny sokajiny avy, ho toy izao :

- Fanjonoana Malagasy Koweitiana (FAMAKO) : iray (1);
- «les Pêcheries de Nossi-Be (PNB)» : iray (1);
- «Société Malgache de Pêcherie (SOMAPECHE)» : iray (1).

Mandritra ny vanim-potoana isokafan' ny fanjonoana amin' ny harato tarihin-tsambo, amin' ny taona 1980, ny isan' ny sambo fanjonoana tsitsika amin' ny harato, manana ny fahazoan-dàlana hanjono amin' ny harato tarihin-tsambo ao amin' ny faritra anelanelan' ny seranan' i Mahajanga avy ao Atsimo sy ny tanànan' i Tsianinkira avy ao Avaratra dia ferana, isaky ny sokajiny avy ho toy izao :

- Fanjonoana Malagasy Koweitiana (FAMAKO) : roa (2);
- «les Pêcheries de Nossi-Be (PNB)» : tsy misy (0);
- «Société Malgache de Pêcherie (SOMAPECHE)» : iray (1).

Ny sokajy tsirairay dia tsy maintsy mampahafantatra any amin' ny Sampan-draharahan' ny sambom-barotra ny anaran' ireo sambo natao hiasa ao amin' ireo faritra tondron' ireo andalana etsy aloha.

Hisy fahazoan-dàlana manokana omena ny kapitenin' ireo sambo ireo.

Tsy maintsy ampahafantarina an' io Sampan-draharaha voalaza etsy ambony io valo (8) andro mialoha ny famindrana azy tanteraka izay rehetra fanovana ny sambo iray amin' ny hafa.

Hotorina sy hofaizina araka ireo fepetra voalaza ao amin' ny toko VII ao amin' ny boky II amin' ny Fehezan-dàlana momba ny fifanoivoizana an-dranomasina, izany anefa tsy mahasakana ny sazy fanesorana ny fahazoan-dàlana voalazan' ny andininy faha-10 amin' ny didim-panjakana laharana faha-71-238 tamin' ny 18 may 1971, ny fandikana ireo fepetra voalazan' izao didim-pitondrana izao.

Noho ny didim-pitondrana iraisan' ny minisitara laharana faha-760/80 nataon' ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Varotra sy ny Minisitry ny Fampandrosoana ny ambanivohitra sy ny Fanavaozana ny fizakan-tany ary ny Minisitry ny Fanolokolana sy ny Zava-kento Revolisionera, tamin' ny 25 febroary 1980, raràna ny fivarotana sy ny fividianana, manerana ny tanin' ny Repoblika Demokratika Malagasy, mba haondrana any ivelany, ny soka-dranomasina na sokatra an-tanety voasesika, ny voay voasesika ary koa ny zavatra azo avy amin' ireo biby ireo.

**MINISTERE DU DEVELOPPEMENT RURAL
ET DE LA REFORME AGRAIRE**

Elevage et Pêche maritime

Par arrêté n° 660/80 du Ministre des Transports, du Ravitaillement et du Tourisme et du Ministre du Développement rural et de la Réforme agraire, en date du 19 février 1980, pendant la période d'ouverture de la pêche au chalut, année 1980, le nombre de chalutiers crevettiers, titulaires de licences, autorisés à chaluter dans la zone comprise entre la pointe d'Angadoka au Sud et le cap Saint-Sébastien au Nord, est fixé, par armement, comme suit :

- «Fanjonoana Malagasy Koweitiana (FAMAKO)» : trois (3);
- les Pêcheries de Nossi-Be (PNB) : dix (10);
- Société Malgache de Pêcherie (SOMAPECHE) : deux (2).

Pendant la période d'ouverture de la pêche au chalut, année 1980, le nombre de chalutiers crevettiers, titulaires de licences, autorisés à chaluter dans la baie de Narendry, est fixé, par armement, comme suit :

- «Fanjonoana Malagasy Koweitiana (FAMAKO)» : deux (2);
- les Pêcheries de Nossi-Be (PNB) : quatre (4);
- Société Malgache de Pêcherie (SOMAPECHE) : deux (2).

Pendant la période d'ouverture de la pêche au chalut, année 1980, le nombre de chalutiers crevettiers, titulaires de licences, autorisés à chaluter dans la baie de Mahajamba, est fixé, par armement, comme suit :

- «Fanjonoana Malagasy Koweitiana (FAMAKO)» : un (1);
- les Pêcheries de Nossi-Be (PNB) : un (1);
- Société Malgache de Pêcherie (SOMAPECHE) : un (1).

Pendant la période d'ouverture de la pêche au chalut, année 1980, le nombre de chalutiers crevettiers, titulaires de licences, autorisés à chaluter dans la zone comprise entre le port de Mahajanga au Sud et le village de Tsianinkira au Nord, est fixé, par armement, comme suit :

- «Fanjonoana Malagasy Koweitiana (FAMAKO)» : deux (2);
- les Pêcheries de Nossi-Be (PNB) : néant (0);
- Société Malgache de Pêcherie (SOMAPECHE) : un (1).

Chaque armement doit signaler au Service de la marine marchande le nom des navires destinés à exploiter les zones indiquées aux alinéas précédents.

Une autorisation spéciale sera remise aux capitaines de ces navires.

Tout remplacement d'un navire par un autre doit être signalé au Service ci-dessus mentionné huit (8) jours avant la mutation effective.

Toute infraction aux dispositions du présent arrêté sera poursuivie et réprimée suivant les dispositions du chapitre VII du livre II du Code maritime sans préjudice des sanctions de retrait de licence prévues à l'article 10 du décret n° 71-238 du 18 mai 1971.

Par arrêté interministériel n° 760/80 du Ministre de l'Economie et du Commerce, du Ministre du Développement rural et de la Réforme agraire et du Ministre de la Culture et de l'Art Révolutionnaires, en date du 25 février 1980, sont interdits la vente et l'achat sur tout le territoire de la République Démocratique de Madagascar, en vue de leur exportation, de tortues de mer ou de terre empaillées, de crocodiles empaillés, ainsi que des produits obtenus à partir de ces animaux.

Tsy maintsy asehon' ny mpivarotra mazava eny amin' ireo talatana, amin' ny teny Malagasy sy frantsay ny fandrarana voalazan' ny andalana voalohany etsy ambony.

Hotorina ao amin' ny Tribonaly manokana momba ny toe-karena ny tsy fanarahana izao fepetra izao, araka ny hitsivolana laharana faha-73-055 tamin' ny 11 septambra 1973 sy ireo sazy voalaza ao amin' ny andininy faha-472 ao amin' ny Fehezana-dalana famaizana.

Araka ny andininy VII ao amin' ny Fifanarahana momba ny varotra ifanaovan' ny firenen-tsamihafa mikasika ny karazam-biby sy karazanjava-maniry mila ho lany tamingana, ny olona mizaka ny zom-pirenena Malagasy sy ireo nifidy ny honina raikitra eto Madagasikara dia mahazo mitondra malalaka amin' ny fandanany vetivety any ivelany ny zava-bita avy amin' ireo biby ireo, ka novidiany mba hampiasaina ho an' ny tenany manokana (kitapo, poketra, kiraro iray aman' olona, hetra, haba, rojo, sns..) ka iray isaky ny sokajiny.

Rano sy Ala ary Fikajiana ny nofon-tany

Noho ny didim-pitondrana iraisan' ny minisitera laharana faha-624/80 nataon' ny Minisitra ao amin' ny Fiadidiana ny Repoblika, miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Teti-pivoarana sy ny Minisitra ny Fampandrosoana ny ambanivohitra sy ny Fanavaozana ny fizakan-tany, tamin' ny 16 febroary 1980, aorina ao Fianarantsoa ny «Centre de Formation Professionnelle Forestière de Fianarantsoa (CFPF)» na ny Foibe Fampiofanana ny Mpiasa an' Ala ao Fianarantsoa na (FOFAMPIALA ao Fianarantsoa), ho fampiharana ny andininy faha-2 amin' ny didim-panjakana laharana faha-79-056 tamin' ny 7 marsa 1979.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-79-056 tamin' ny 7 marsa 1979 sy ny fifanarahana momba ny famatsiana ara-bola laharana faha-43-C/DCT/78/MAD tamin' ny 23 marsa 1979 ifanaovan' ny Repoblika Demokratika Malagasy sy ny Repoblika Frantsay, dia toy izao manaraka izao ny zava-kendren' ny Foibe fampiofanana :

Mikasika ny fanandramana :

a. Fanaovana maty paika izay fomba mahomby mifanaraka amin' ny toetoetry ny alan' ny hazo kesika hoenti-mitrandraka sy manodina eo am-boalohany ny hazo amin' ny alalan' ny :

— fandaminana ireo toeram-pitrandrahana sy fanodinana ny hazo ao Matsiatra;

— fanorenana toeram-panatsofana fanandramana;

— fanaovana rafitra hanorinana ny tetik' asa sy ny fanaraha-maso ny fitrandrahana;

b. Fitàna ary koa aza fanatsarana hatrany ny habetsahan' ny vokatra azo avy amin' ny ala ka ampiharina amin' izany ireo fomba fikojakojana ny ala trandrahan' ny Foibe izay iarahany miasa akaiky amin' ny Foibe fanaovana fikarohana ampiasan-javatra amin' ny fampandrosoana ny ambanivohitra.

Mikasika ny fiofanana :

— fandalinam-pahaizana ho an' ireo mpiasa amin' ny ambaratonga rehetra ao amin' ny fitrandrahana sy ny fanodinana eo am-boalohany ny hazo kesika, ary koa amin' ny fikojakojana ny ala amin' ny alalan' ny :

— fandaminana taranam-pianarana izay samy hanana ny fotoana aharetany avy momba ny raharaha rehetra sahanin' ny Foibe;

— fanofanana mpiasa manam-pahaizana manokana amin' ny sokajin' asa aman-draharaha samihafa ao amin' ny Foibe;

— fampielezana ireo fomba vaovao sy fitaovana voasedran' ny Foibe.

Mikasika ny fivarotana ny hazo voatsofa :

— fampitovian-tantana ireo hazo voatsofa mba hifanaraka amin' ny fenitra ofisialy ka hatsaraina hatrany ny toetoetry.

Mikasika ny famatsiana ara-bola ny Foibe :

— fiantohana ny famatsiana ara-bola ny lany amin' ny fampandehana ny Foibe mandritra ny fotoana maharitra ka hazo mirefy tokony ho 12 000 metatra kioba isan-taona no ho voadina, miantomboka amin' ny faritra fampisehoana iray.

Les marchands doivent faire apparaître clairement sur leur étalage, en Malgache et en français, l'interdiction prévue à l'alinéa premier ci-dessus.

Tout manquement à cette obligation est passible de poursuites devant le Tribunal spécial économique, conformément à l'ordonnance n° 73-055 du 11 septembre 1973 et des peines prévues à l'article 472 du Code pénal.

En vertu de l'article VII de la Convention sur le commerce international des espèces de faune et de flore sauvages menacées d'extinction, les citoyens de nationalité Malgache et ceux qui ont élu domicile à Madagascar d'une manière définitive, peuvent emporter librement lors de leurs déplacements temporaires à l'extérieur les articles fabriqués à partir des produits de ces animaux et qu'ils ont achetés pour leur usage personnel (sac, porte-feuille, paire de chaussures, ceinture, bracelet, collier, etc...) à raison d'une unité par article.

Eaux et Forêts et Conservation des sols

Par arrêté interministériel n° 624/80 du Ministre auprès de la Présidence de la République, chargé des Finances et du Plan et du Ministre du Développement rural et de la Réforme agraire, en date du 16 février 1980, en application de l'article 2 du décret n° 79-056 du 7 mars 1979 est créé le Centre de Formation Professionnelle Forestière de Fianarantsoa (CFPF) ou «Foibe Fampiofanana ny Mpiasa an' Ala ao Fianarantsoa ou (FOFAMPIALA de Fianarantsoa).

Conformément au décret n° 79-056 du 7 mars 1979 et la convention de financement n° 43-C/DCT/78/MAD du 23 mars 1979 entre la République Démocratique de Madagascar et la République Française, le Centre aura comme objectifs :

Sur le plan expérimental :

a. De mettre au point des méthodes rationnelles d'exploitation et de transformation primaire des bois adaptées aux conditions de la forêt de pins :

— en organisant des chantiers d'exploitation et de transformation du bois dans les plantations de la Matsiatra;

— en installant une scierie d'expérimentation;

— en introduisant un système de planification et de contrôles des exploitations;

b. De maintenir et même d'améliorer la capacité de production de la forêt en appliquant des méthodes de traitements sylvicoles des forêts exploitées par le Centre en collaboration étroite avec le Centre de recherches appliquées au développement rural.

Sur le plan de la formation :

— de perfectionner le personnel de tous les niveaux dans l'exploitation et la transformation primaire des bois de pins ainsi que dans le traitement sylvicole :

— en organisant des cours de différentes durées pour toutes les opérations du Centre;

— en formant des ouvriers qualifiés dans les différents secteurs d'activités du Centre;

— en vulgarisant de nouvelles méthodes et matériels expérimentés par le Centre.

Sur le plan de la commercialisation des bois sciés :

— de standardiser selon les normes officielles les produits sciés en les améliorant qualitativement.

Sur le plan de financement du Centre :

— d'assurer l'autofinancement des frais de fonctionnement du Centre à long terme en transformant 12 000 mètres cubes grumes/an environ à partir d'un périmètre de démonstration.